


**Kabary tao Ambilobe nataon'i Andry Rajoelina, ny 8 marsa 2018**

Ambilobe. Akôry arôô !

Ry vahoakan'Ambilobe..

Taona maro tokoa izay no tsy nifankahitan-tsika. Fantatro fa manina ahy ianareo ary ny tenako ihany koa torak'izany, manina anareo tompokolahy sy tompokovavy.

Maro ny zavatra nitranga tao anatin'izay taona nifanesy izay. Nisy ny tafio-drivotra, nisy ny latsa-korana, nisy ny haitany, teo koa ny tondra-drano.

Fa tsy nahasakana antsika izany hametraka ny tanjona izay entintsika hampandrosoana ity firenena malala ity.

Nandritra izay 4 taona izay dia tsy nipetra-potsiny fa nikaroka ny vahaolana rehetra hanavotana an'i firenena ny tenako.

Maro ireo olona tsara sitra-po, mpiara miombon'antoka, efa vonona ny hifanome tànana amin'izany.

Resy lahatra aho fa azo atao tsara ny manova, manorina ary manangana sy mampandroso an'i Madagasikara ao anaty ny fotoana fohy.

4 taona aho no nangina,

4 taona no tsy heno,

Ary raha hanao fitsidiham-paritra aho ankehitriny, dia eto Ambilobe no hisantarako izany. Maro ianareo no mikaika ahy
*«Mila anao zahay Président, Tongava aty Ambilobe ianao Président»*
, ary indro aho tonga eto anatrahanareo ankehitriny.




Koa arahaba isika rehetra,

Akôry Arôô !

Mbôla tsara éé .. !

Ankehitriny dia vonona isika amin’ny tolo-kevitra, paikady ary vahaolana mahomby ho fanavotana an’i Madagasikara.

Anareo Paré, Za koa Décidé…

Koa tonga aho hiaino, hifampitafa sy hidinika aminareo, satria Jerin' ôlômaro mahataka-davitr'e!, ao anaty ny IEM (*«Initiative pour l'Emergence de Madagascar»*).




Tsy kisendrasendra fa nosafidiana manokana ny andro anio ahatongavako eto Ambilobe.

8 marsa andron'ny vehivavy ny androany.

Koa rehefa nampitondra hafatra ianareo fikambanam-behivavy, nandefa taratasy amin'ny fanirianareo hankalaza izany andro izany; ary niantso, dia tsy nisalasala aho na dia iray minitra aza, fa dia nanaiky, ary tonga miaraka aminareo eto ankehitriny satria misy lanjany lehibe amiko ny vehivavy.

Ato am-poko ianareo vehivavy rehetra tsy an-kanavaka, fa indrindra ianareo manangy eto Ambilobe.




Ianareo reny nitondra vohoka (nitôndra vôtraka), ianareo reny niteraka nitaiza sy nanabe, eo koa ianareo mbola mpitovo,

Arabaiko manokana ianareo rehetra tratry ny andro androany.

Manan-danja manokana ianareo reny satria :

Ianareo no maha firenena ny firenena.

Ny teny hoe FIRENENA dia manana foto-teny hoe RENY.

Ny fototra iorenan’ny firenena sy ny fianankaviana izany dia ny RENY sy ny vehivavy.

Noho izany dia tena manana ny toerana manokana ianareo eo amin’ny fampandrosoana ny firenena.

Raha tiantsika handroso ity firenen-tsika ity dia ny vehivavy no tokony omena ny sehatra sahaza azy.

Efa nanomboka an’izany aho satria amin’ireo mpiara-miasa amiko akaiky, dia ny vehivavy ny maro an’isa.



Ny antoko politika izay manana Deputé vehivavy betsaka indrindra dia ny MAPAR. Mitsangana ianareo. Vehivavy mahavita azy ireo.

Ny sekretera nasionaly efatra amin'ireo enina ao anivon'ny TGV dia vehivavy avokoa.

Ny Mpandrindra an-kapobeny ny MAPAR dia vehivavy.

Ianareo vehivavy rehetra, vonona ny hampandroso ity firenena ity, miantso anareo aho hifanome tànana amiko.

Koa ianareo vehivavy rehetra tia mandray andraikitra liana amin'ny Fampandrosoana, mitsangana, mijoro izay tena vonona.

Koa ianareo vehivavy rehetra, ianareo vehivavy rehetra vonona, ianareo vehivavy rehetra manatrika eto dia atsangano ny tànana. Tena vonona ?.. Ataovy tànana roa .. !







**Mialy Rajoelina-Filohan'ny PAESFA. Kabary 8 marsa 2018 norenesina tamina**




**Association Fitia Madagascar**

